AAJ-261-Malg-907xx 24/11/09 10:46 Page 2

Dia nametraka fanontaniana hafa ny rainy : « Miora a ! mba foinao ho ahy ve iny vakana voahanginao iny ? » Tsy nisy valiny… Namerina ilay fanontaniany ny rainy, nefa mbola tsy nahazo valiny ihany. Dia norohiny ilay zanany, ary navelany handeha.

Ny ampitso, dia nanantena i Miora hoe hohadinon-drainy ny hangataka aminy ilay vakana voahangy sarobidiny. Fa mbola toy ny niseho omaly ihany no nitranga.

Ny andro fahatelo, dia nisalasala kely i Miora vao nipetraka teo akaikin-drainy. Teny mamy nefa no nobitsibitsihin-drainy taminy, ary avy eo dia ilay fanontaniana mahavaky ny fon'i Miora. Tsy namaly izy, fa tena nisy ady mafana tao anatiny. **Tiany ny rainy, nefa efa ela izy no naniry vakana voahangy !**

Dia nipetraka indray ilay fanontaniana : « Mba foinao ho ahy ve iny vakana voahangy iny ? » Tsy nahafehy tena intsony i Miora. Nigogogogo nitomany izy, ary nomeny azy ilay vakana. « Misaotra anaka », hoy izy. Dia nametraka boaty kely teo ampofoan'i Miora izy… Vakana tsara tarehy, ary tena voahangy !

Toy izany koa Andriamanitra, te hanome antsika fiadanam-be, fiadanana mihoatra noho ny hafaliana rehetra eto an-tany.

Mba hahazoana izany, dia angamba ianao mety ho voatery handà fahafinaretana mihelina, nefa ho setrin'izany, dia handray **ny fiainana mandrakizay** ianao, ary hahazo ny fiadanana sy ny fifaliana ao am-ponao.

Fantatrao angamba izany zavatra rehetra izany, nefa ve tena noraisinao ho anao tokoa ?

Angamba sarotra aminao ny hino fa tia anao Andriamanitra, nefa dia manana fanomezana sarobidy ho anao Izy :

"**Fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, ao amin'i Kristy Jesoa Tompontsika**" (Romana **6**.23).

Ekeo fotsiny io fanomezana io, amin'ny finoana fa nanolotra ny ainy i Jesoa Kristy hamonjy anao, fa maty ho anao Izy, mba hamafana ny fahotanao.

Fa kosa, aza hadino ny fanomezan'Andriamanitra, faniratsirana Azy izany !

"**Inona no soa azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy ?**" (Marka **8**.36).

"**Indro, ankehitriny no andro fankasitrahana ; indro, ankehitriny no andro famonjena**" (2 Korintiana **6**.2).

Ny teny anaty "…" dia arahin'ny toko sy andininy ahitana azy ao amin'ny Baiboly, izay Tenin'Andriamanitra.

Imp. IMEAF · 26160 La Bégude-de-Mazenc · Dépôt légal 4e trimestre 2009

ANTSO

ho an'ny TANORA 002-261

« Ilay fanomezan' Andriamanitra »

(Efesiana **2**.8)

AAJ-261-Malg-907xx 24/11/09 10:46 Page 1

Ilay fanomezan'i Laingo

Laingo sy Ravaka dia mpinamana mifankahita matetika. Indray andro i Laingo dia nanolotra tapakila iray tamin'i Ravaka : « Ity misy tapakila ahazoanao mifidy izay boky tianao, any amin'io trano fivarotam-boky io. Mahafaly ahy ny manolotra iny ho anao. » Nisaotra azy i Ravaka, sady nasitriny tany anaty poketrany ilay tapakila, sao very.



Nandeha ny fotoana. Indray hariva, dia nanapakevitra ny hampirina ny poketrany i Ravaka. Taitra tampoka izy : « Ndray ! Ity ilay tapakila nomen'i Laingo ahy ! Tena nadinoko tanteraka. Tsy maintsy ampiasaiko haingana. Fa … e ! Efa lany andro ! » Nony nodinihin'i Ravaka akaiky ilay tapakila, dia hitany fa tsy mandeha intsony.

Diso fanantenana fatratra izy, ary tsy nitsahatra ny nimonomonona hoe : « **Tokony ho** nitandrina kokoa aho. **Tokony ho** nijery tsara, talohan'ny nampirimako azy. **Tokony ho** notadidiako io, dia nampiasaiko alohaloha kokoa … »

Be ny mbola ho azo lazaina ! Fa izao dia **tara loatra**. Tsy afaka miverina intsony i Ravaka. **Very tanteraka** ilay fanomezana. Indrisy !

Hoy angamba ianao hoe : « Misy zavatra lehibe noho izany. » Eny e !

Nefa dia nandany vola i Laingo, nividy iny fanomezana iny, ary faly erỳ nanolotra azy. Ny fanadinoana ny fanomezany dia toy ny somary manivaiva azy ihany.

Ny fanomezan'Andriamanitra

Nanolotra « fanomezana » ho antsika koa Andriamanitra.

"Toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana (Jesoa)**, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay"** (Jaona **3**.16).

Ny hoe mino an'i Jesoa, dia ny manaiky fa nirahin'Andriamanitra ho etỳ an-tany Izy, mba ho faty teo amin'ny hazofijaliana, tena nijalijaly. Izany no vidin'ny famafana ny fahotantsika. **"Ny ra soan'i Kristy ... no nanavotana anareo"** (1 Petera **1**.18-19).

Fanomezan-dehibe izany ! Tsy misy afaka mividy ny fiainana mandrakizay. Lafo loatra izany. Fa nataon'Andriamanitra kosa izay mety, satria tiany isika. Novonjeny isika, **"tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo"** (Titosy **3**.5).

Tsy manery na iza na iza Andriamanitra. Avelany hanana safidy malalaka isika. Raha tsy nahazo tombontsoa tamin'ilay fanomezana nomena azy i Ravaka, dia fahadisoany irery ihany izany.

Hoy Andriamanitra amintsika : "**Efa nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny fahafatesana, ary ny fitahiana sy ny fanozonana ; koa mifidiana ny fiainana, mba ho velona ianao**" (Deoteronomia **30**.19).

Iangavian'Andriamanitra isika hanaiky io fanomezana **maimaimpoana** io, ankehitriny. Fa misy **fetrany** ny fahasoavan'Andriamanitra. Indray andro any, dia **ho tara loatra** ! Rahoviana ? Rehefa ho faty isika… ary mety ho anio izany !

Amin'izay dia ho very tanteraka ny fanomezan'Andriamanitra, ho an'ireo izay tsy nandray izany, na koa "nanadino" izany fotsiny. Inona no hoaviny ? Tsy azo ihambahambana ny voalazan'ny Baiboly :

"Mialà amiko… ho any **amin'ny afo maharitra mandrakizay**" (Matio 25.41).

Ilay vakana voahangy

(avy amin'ilay boky hoe
« Manambara ny tsiambaratelony ny vatosoa »)

Vao avy nividy vakana voahangy tsy tena izy i Miora. Kevoka erỳ izy, nampiseho izany tamin'ny ray aman-dreniny. Tampotampoka teo, dia hoy rainy taminy : « Miora a ! Tia ahy ve ianao ? » Tsy nihambahamba izy, namaly hoe : « Endrey ! Tiako injato amin'arivo i Dada ».